

MINISTERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA

MADAGASIKARA **mandresy** ny **CORONAVIRUS**



FIZAHAN-TAKELAKA:

FAMPAHAFANTARANA NY CORONAVIRUS.....	1
TOETRANDRO SY NY CORONAVIRUS.....	5
FANASANA TANANA AMIN'NY RANO SY SAVONY.....	7
AROTAVA.....	9
FIHIBOANA.....	10
FAMENDRAHANA FANAFODY.....	11
FITILIANA.....	12
FANDRAISANA AN-TANANA NY MARARIN'NY CORONAVIRUS.....	13
FIKARAKARANA NY RAZANA AMIN'NY TRANGA COVID-19.....	14
OLONA MAREFO MANOLOANA NY CORONAVIRUS.....	15
DIABETA.....	18
TOSIDRÀ.....	19
VOHOKA.....	20
SIGARA, PARAKY SY NY CORONAVIRUS.....	21
FIRESAHANA AMIN'NY ANKIZY MAHAKASIKA NY CORONAVIRUS.....	22
ARETINA Hafa sy ny COVID-19.....	26
DIDY FOLON'NY FAHASALAMANA, IZAY MADIO NO SALAMA.....	27
TONTOLO IAINANA MADIO NO HANANA FAHASALAMANA.....	28
FANJARIANTSAKAFO SY NY CORONAVIRUS.....	31
FAHADIOVANA ARA-TSAKAFO.....	34
TOERAM-PIASANA SY NY CORONAVIRUS.....	37
FAHASALAMAN'NY SAINA SY NY CORONAVIRUS.....	38
HERISETRA SY NY CORONAVIRUS.....	40
FANILIKILIANA.....	42
ASA ANDAVANANDRON'NY CSB.....	43
910- 913.....	44




FAMPAHAFANTARANA NY CORONAVIRUS

► Famaritana ny coronavirus

Tsimokaretina antsoina hoe Coronavirus no mahatonga ny Covid-19 (Coronavirus Disease 2019). Tsy mifidy saranga, mahafaty toy ny aretin'ny taovam-pisefoana mahery vaika (SRAS : Syndrome Respiratoire Aigu Sévère) ny Covid-19, nefa azo sitranina tsara.

Maharitra hatramin'ny 14 andro ny fiotrehany ao amin'ny olona vao miseho ny fambaranaretina



► Fifindran'ny coronavirus

Avy amin'ny biby no nipoiran'ny Coronavirus ka nifindra tamin'ny olombelona.

Mifindra amin'ny piti-drora (kohaka, mievina) sy ny fifampikasohana mivantana tsy voaro amin'ny marary toy ny fikashana ny marary, fifandraisan-tanana ny coronavirus.

Mety mamindra ilay mitondra ny tsimokaretina na tsy ahitana soritraretina aza Ireo karazan'olona mora handairany : ny zokiolona, ny olona manana aretina mitaiza toy ny homamiadana, aretin'ny taovampisefoana, ny aretin'ny voa, diabeta, tosidrà, misohika na asthme, ny marary fo sy manana aretin'ny lalan-drà, ny vehivavy bevohoka

► Fisehon'ny aretina matetika

- Kohaka, na mitsoni-delo na marary ny tenda, tsy mahare fofona, tsy maheno tsiron-kanina
- Mafana hoditra (maripàna > 38°C);
- Sempotra.



MIKOHAKA



MAFANA HODITRA



SEMPOTRA

**MADAGASIKARA mandresy ny
CORONAVIRUS**

► Tranga ahiana :

Ireo olona rehetra mafana hoditra (manana maripàna 38°C na mihoatra) na tsia, miampy iray amin'ireto fambara ireto:

- 1) kohaka na sery na areti-tenda na tsy avy miaina sy nifanerasera akaiky tamin'ny olona voamarina fa mitondra ny tsimokaretina COVID-19
- 2) vondron'olona maromaro tratry ny aretin'ny taovam-pisefoana tampoka manana endrika mitovy, ka tsy ahitana antony hafa mazava, eny fa na dia tsy nanao fivahinianana tany amin'ireo tany be aretina COVID-19, na nifanerasera akaiky tamin'ny olona voamarina fa mitondra ny tsimokaretina.



► Tranga voamarina :

Tranga voamarin'ny fitiliana fa nahitana coronavirus.

► Fifampikasohana akaiky :

- 1- Ireo olona rehetra nifanefasera akaiky tamin'ny olona voamarina fa mitondra ny tsimokaretina coronavirus tao anatin'ny 24 ora (iray andro) mialohan' ny nisehoan'ny soritaretina na
- 2- Nanana fifaneraserana mivantana tamin'ny olona voamarina fa mitondra ny tsimokaretina coronavirus, nifanatrika taminy tamin'ny elanelana latsaka ny 1 metatra nandritra ny ady hevitra, tostitosy, finamanana akaiky, mpiray dabilio na birao na
- 3- Mpifanila seza tamin'ny olona voamarina fa mitondra ny tsimokaretina coronavirus tao anaty fiara fitaterana nandritra ny fotoana naharitra na
- 4- Mpanentana ara-pahasalamana (AC) nifandray tamin'ny olona voamarina fa mitondra ny tsimokaretina Coronavirus, na
- 5- - Mpiasan'ny «laboratoire» mpikirakira «singa biolojika» avy amin'ny tranga voamarina, ka tsy nampiasa fitaovam-piarovana.



► Fihetsika manakana ny fihanaky ny coronavirus:



Raha tsy maintsy mivoaka ny trano, manaova arotava. Hamarino tsara fa mahasarona tanteraka ny vava sy ny orona ny arotava,

Sasàna ny tàmàna mialoha sy aorian'ny hametrahana ny arovava na raha sendra nahakitika azy,

Rehefa mipetraka tsara ny arotava dia fadio ny mikasika tanana azy.



Sasao matetika amin'ny rano sy savony ny tanana na mampiasa ny rano voatokana mamono ny otrikaretina (GEL DESINFECTANT),




Tapeno amin'ny sandry na amin'ny mosoara lamba na taratasy ny vava sy ny orona, rehefa mievina na mikohaka,

Ario avy hatrany ao anaty fanariam-pako ny mosoara taratasy, Manasa tanana amin'ny rano sy savony avy eo,



Hajao ny elanelana 1 metatra amin'ny olona rehefa ivelan'ny trano fonenanao: olona mikohaka na mafana hoditra, na dia miresaka aza.




Fadio ny misikotra orona, mikosoka maso, mikasika vava amin'ny tanana.



Fadio ny mandrora na mandrehoka amin'ny tany.





**TOETRANDRO
SY NY FAHASALAMANA**

**MADAGASIKARA mandresy ny
CORONAVIRUS**



**MADAGASIKARA mandresy ny
CORONAVIRUS**

TOETRANDRO SY NY FAHASALAMANA

◆ *Singa mamaritra ny fahasalamana:*

- * fomba amampanao
- * sakafo hanina,
- * fitondrantena,
- * fisian'ny fotodrafitrasa na tsia
- * Toetrandro
- * ...

◆ *Fiantrakan'ny toetrandro:*

- * mivantana: hafanana, hatsiaka, ...
- * tsy mivantana:
 - maripana sy hamandoana mampahazo vahana ny tsimokaretina, otrikaretina ary bibikely mpamindra aretina;
 - rotsakorana, maripàna, hamandoana: tazomoka, pesta, ...
 - rotsakorana, maripàna: aretim-pivalanana, aretin'ny taovam-pisefoana COVID-19

◆ *Toetrandro sy ny coronavirus:*

- Tia hatsiaka (3-17°C sy rivotra mando);
- Mihena ny hery fiarovana rehefa mangatsiaka ny andro;
- Rivotra maina, mora miparitaka ny piti-drora misy tsimokaretina;
- Mamono ny tsimokaretina ny taramasoandro

◆ *Fihetsika atao manoloana ny coronavirus:*

- Atao ampy tsara ny torimaso;
- Manao fanatanjahantena;
- Angonina amin'ny toerana voatokana ho azy ny fako;
- Manasa tanana matetika amin'ny rano madio sy savony;
- Mihiboha an-trano ho fanakanana ny fiparitahan'ny valanaretina sy fiarovana ny tontolo iainana;
- Manaova arovava sy orona raha voatery mivoaka ny tokantrano.

FANASANA TANANA AMIN'NY RANO SY SAVONY : FISOROHANA NY FIHANAKY NY CORONAVIRUS



■ Tanana maloto:

- 1- vokatry ny fikasohana: "poignet", "clavier" solosaina, stylo, amin'ny olona
- 2- mety hitondra: Tsimokaretina «virus», Otrikaretina «bacteries», Katsetsitra «parasites»
- 3- mety hiteraka: aretim-pivalanana, aretin-koditra, aretin'ny taovam-pisefoana "Covid-19"



■ Fotoana hanasana tanana amin'ny rano sy savony

- * Tanana maloto
- * Alohan'ny hikarakarana sakafo
- * Alohan'ny hisakafo, na hampisakafo na hampinono zaza
- * Rehefa avy any ankapobane
- ...
- * Mialoha ny hidirana ny trano rehefa avy nandeha niasa na avy any antsena amin'ny ady atao amin'ny Coronavirus.

DINGANA AMIN'NY FANASANA TANANA AMIN'NY RANO



1. Lemana amin'ny rano madio ny tanana



4. Kosehina ny elakelaky ny ratsantanana ary tsy hadino ny hoho

Faharetan'ny fikosehana : farafahakeliny 20 segondra



2. Hosorana savony



5. Kobanina amin'ny rano madio



3. Kosehina ny atitanana sy ny vohontanana



6. Hamainina ahifikifika amin'ny rivotra

MASKA na AROTAVA

■ Mahazavadehibe ny maska:

- * Manakana ny fidiran'ny tsimokaretina ho an'ny salama;
- * Manakana ny fanaparitahana ny tsimokaretina avy amin'ny marary.

■ Fampiasana ny maska:

- * Manasa tãnana mialoha ny hanaovana azy;
- * Raisina amin'ny tadiny rehefa mampiditra sy manala azy;
- * Kendrena hanarona tsara ny orona sy ny saoka;
- * Raha maska vita amin'ny lamba dia ilay maranitra no ambony;
- * Raha ilay maska "chirurgical" manga sy fotsin'ny dokotera dia tsindriana tsara hanarona ny orona ilay vy eo ambony.



■ Fitandremana tokony atao amin'ny maska:

- * Fadiana ny mikasikasika ny maska rehefa mipetaka izy, manasa tãnana hatrany raha vao nahakitika maska;
- * Rehefa avy nampiasaina adin'ny 3 na adin'ny 4 dia soloina ny maska lamba sy maska "chirurgical" manga sy fotsin'ny dokotera;
- * Ariana rehefa simba ny maska lamba.

■ Fikarakarana ny maska lamba:

- * Rehefa avy nampiasaina dia alona dimy minitra anaty ranontsavony;
- * Kobanina amin'ny rano madio;
- * Atapy amin'ny masoandro;
- * Pasohina;
- * Tehirizina amin'ny toerana voatokana.

■ Fanariana ny maska avy nampiasaina:

- * Rarahana ranontsavony na eau de javel ary potehina mialoha ny hanariana azy hamonoana ny tsimokaretina ary hisorohana ny mety hampiasan'ny olonkafa azy;
- * Fadiana ny mandoro maska fa sady mankarary ny setroka aterany no manimba ny tontolo iainana.



FIHIBOANA

Famaritana:

Mijanona ao an-trano mandritra ny fotoana voafetra (ohatra: 15 andro) ao anaty trano talaky masoandro sy ivezivezen'ny rivotra.

Tanjona:

Manakana ny fivezivezen'ny olona ka hahatonga ny tsimokaretina tsy hiparitaka.

Zavatra azo hatao:

- * Manao fanatanjahantena;
- * **Mialavoly:** mihira sy manao mozika, mandihy, mijery fahitalavitra;
- * **Mikarakara tokantrano:** mandamina, manao zaridaina;
- * Ho an'ny mpianatra: **mamerin-desona, milalao** (jeux de société);



**MADAGASIKARA mandresy ny
CORONAVIRUS**



FAMENDRAHANA FANAFODY

MADAGASIKARA **mandresy** ny
CORONAVIRUS

Famaritana:

Fomba entina mamono na mandringana ireo otrikaretina, na tsimokaretina.

Fanafody afendraka:

Désinfectant : Hypochlorite de calcium (HTH)

Fomba fampiasana ny fanafody afendraka:

- * Misy ny fatra ampiasaina : Tanana, akanjo na fitafiana na fitaovan'ny marary;
- * Misy ny fatra ampiasaina: Trano, hopitaly, fitaovan'ny hopitaly ,farafaran'ny hopitaly, fiara mpitatitra sy ny mpiasan'ny fahasalamana;
- * Misy ny fatra ampiasaina: razana, trano fivoahana , fandroana , na fanariam-pako.

Antony hanaovana ny famendrahana:

- * fanapahana tanteraka ny fifindran'ny tsimokaretina;
- * manome tontolo iainana madio sy rivotra voadio;
- * manakana ny fitombo sy ny fiparitahan'ny tsimokaretina;
- * dingana iray tsy maintsy andalovana raha manaraka ny fenitra ara-pahasalamana.

Fotoana hanaovana ny famendrahana:

- * Amin'ny fotoanan'ny valanaretina;
- * Andavanandro.

FITILIANA NY CORONAVIRUS

TDR (TEST DE DIAGNOSTIC RAPIDE)

Singa tiliana: Rà

Toerana hanaovana azy: Hopitaly, «Laboratoire»


Tanjona: Fitadiavana ny «Antigène»

Vokatra: Efa nifampikasoka tamin'ny coronavirus ve ilay olona sa tsia?


Valiny: 15 minitra

Tokony hatao: - **TDR positif:** Efa nifampikasoka tamin'ny tsimokaretina ka mila manao PCR

- **TDR négatif:** Tsy mbola nifampikasoka tamin'ny tsimokaretina ka manohy ny fihetsika manakana ny fihanaky ny coronavirus



PCR (POLYMERASE CHAIN REACTION)



Singa tiliana: Tsiranoka amin'ny orona (prélèvements nasopharyngés)

Toerana hanaovana azy: Hopitaly, «Laboratoire»

Tanjona: Fitadiavana ny tsimokaretina coronavirus

Vokatra: Mitondra ny tsimokaretina ve ilay olona sa tsia?

Valiny: 48 - 72 ora

Tokony hatao: - **PCR positif:** Nahitana ny tsimokaretina ka mitsabo tena

- **PCR négatif:** Tsy nisy tsimokaretina ka manohy ny fihetsika manakana ny fihanaky ny coronavirus

LABORATOIRE MANAO NY FITILIANA ETO MADAGASIKARA

- Institut Pasteur de Madagascar (IPM)
- Laboratoire d'Analyses Médicales de Madagascar (LA2M)
- Laboratoire du Centre d'Infectiologie Charles Mérieux Ankatso (CICM)
- Laboratoire du CHU JRA Ampefiloha

SARAN'NY FITILIANA

Maimaimpoana avokoa raha vao ny mpiasan'ny Ministeran'ny Fahasalalamam-bahoaka no manao ny fangalana ny singa (prélèvement) sy mandefa izany eny anivon'ny Laboratoire.

FANDRAISANA AN-TANANA NY MARARIN'NY CORONAVIRUS



MAIMAIMPOANA
NY FANDRAISANA AN-TANANA
ENY AMIN'NY HOPITALIM-PANJAKANA

MADAGASIKARA mandresy ny
CORONAVIRUS

TOERANA ANDRAISANA AN-TANANA

CSB sy CHRD :

Mitsabo ireo tranga tsotra sy manaramaso ary mandefa ireo olona hanao fitiliana.
Mitsirika ireo fifampikasohana akaiky miaraka amin'ny Mpanentana ara-pahasalamana

ANTANANARIVO

1- Toerana voatokana:

* Villa Voara Andohatopenaka - Palais des sports Mahamasina:

- Manao «prelèvement» ilaina amin'ny fitiana, mamoka ny valin'ny fitiliana
- Miantoka ny fanarahamason'ireo olona PCR positif nefa tsy ahitana soritaretina;
- Mandefa ireo olona PCR positif ahitana soritaretina any amin'ny hopitaly mandray ny mararin'ny Covid-19;

* Centre de Traitement Ivato:

- Miantoka ny fanarahamason'ireo olona PCR positif ahitana soritaretina;
- Mandefa ireo olona PCR positif ahitana soritaretina any amin'ny hopitaly mandray ny mararin'ny Covid-19 misy fahasarotany;

2- Hopitaly mandray ny marary voamarina fa Covid-19

CHU Ambohimandra, CHU Fenoarivo

3- Hopitaly mandray ny mararin'ny Covid-19 misy fahasarotany:

CHU Anosiala, CHU Andohatopenaka, CHU JR Befelatanana, CHU JRA Ampefiloha.

ANY AMIN'NY FARITRA

CHRR - CHU: Mandray ny marary voamarina fa Covid-19 na misy fahasarotany na tsia.

SIVANA HITENENANA FA SITRANA NY OLONA MARARIN'NY COVID-19

* Ho an'ny olona PCR positif sy nampiseho soritaretina:

Nahavita ny fitsaboana 13 andro, tsy nahitana soritaretina nandritra ny 3 andro farany
(mafana hoditra, soritaretin'ny taovam-pisefoana)

* Ho an'ny olona PCR positif ary tsy nampiseho soritaretina:

Mijanona ho tsy misy soritaretina mandritra ny 10 andro.

*Marihina fa tsy ilaina intsony ny manao fitiliana vaovao raha hilaza
fa sitrana ny olona iray*

FIKARAKARANA NY RAZANA AMIN'NY TRANGA COVID-19


Fikarakarana ny razana :

- Tompondraikitra amin'ny fikarakarana :

- * Mpiasa ao amin'ny tranompaty (morgue) raha ao @ hopitaly,
- * BMH ho an'ireo kaominina renivohitra raha ivelan'ny hopitaly
- * Distrikam-paritry ny fahasalamana (SDSP) ho an'ny faritra ivelan'ny renivohitra

- Fananterahana ny fikarakarana :

- * Mampiasa ny fitaovam-piarovana rehetra (Equipement de protection)
- * Manaraka ny taridalàna (procédures) rehetra mahakasika ny fanadiovana ny razana (toilette, désinfection)
- * Solon-tena 3 na 4 avy @ fianakaviana no manatrika.




Famonosana ny razana:

1. Fonosina amin'ny « sachet plastique en tube » (= TSY LENA) ny razana ka hamarinina sady hidina tsara ny faritra misokatra. Tifirina HTH avy hatrany ilay sachet avy eo.
2. Fonosina lambamena araka ny fomba fanao .
3. Ampidirina anaty vata efa voaomana ka hidina sy fantsihana avy hatrany ilay vata misy ny razana, ary tsy sokafana intsony. Tifirina HTH ny vata misy azy.

Fandevenana :

1. Tanterahina araka izay haingana
2. Arahamason'ny tomponandraikitra eo an-tanàna
3. ANIROTRA ny fandevenana : refin'ny lavaka 2 na 2,5 metatra ny halaliny
4. Voalalotra avokoa ny atilavaka sy ny ivelany rehetra
5. Alevina miaraka amin'ny vata misy azy ilay razana
6. Tsy azo avadika na afindra toerana ny razana ao anatin'ny 7 taona
7. Fianakaviana tena akaiky indrindra no manatrika ny fandevenana.
8. Manaraka ny toromarika sy ny lalàna rehetra napetraky ny Fitondram-panjakana (isan'ny olona ao anaty fiara...)
9. Hajaina ny fihetsika sakana « GESTES BARRIERES »: tsy atolotra mivantana ny fao-dranomaso fa asiana harona natokana handrotsahana izany.



OLONA MAREFO MANOLOANA NY CORONAVIRUS



OLONA MAREFO MANOLOANA NY CORONAVIRUS



Marefo noho ny asany sy ny toerana misy azy

mpiasan'ny fahasalamana, mifaneraserana amin'ny olona maro (guichetier) ..., voafonja



Marefo noho ny tsy fahalalany

Tsy mahafantatra ireo fepetra sy fihetsika tokony arahina -manolona ny fiarovana ny COVID 19...



Marefo noho ny toe-batany

Zokiolona mihoatra ny 60 taona, vehivavy bevohoka sy mampinono, olona manana aretina mitaiza toy ny diabeta, tosidrà avo, misohika na asthme, ny marary voa, ny marary fo sy manana aretin'ny lalandrà, ny tratran'ny homamiadana



OLONA MAREFO MANOLOANA NY CORONAVIRUS

Tandindon-doza ho an'ny olona marefo:

Mitranga matetika ny fisehony mahery vaika na «**forme grave**» izay mety hitarika any amin'ny **fahafatesana**



Fihetsika atao:

- * Mandamina ny fahasalamana amin'ny fandrindrana ireo aretina mitaiza;
- * Manao fanatanjahantena;
- * Mihinana sakafo sahaza sy ara-pahasalamana;
- * Mihiboka an-trano;
- * Manamafy ny fihetsika manakana ny fipariahan'ny coronavirus;
- * Fadio ny fifampitsidihana;
- * Raha misy tranga mampanahy dia manatona Tobimpahasalamana.



DIABETA SY NY CORONAVIRUS

FAMARITANA:

Fatran-tsiramamy avo ao anatin'ny rà vokatry ny tsy fahatomombanan'ny «insuline» ao amin'ny tenan'ilay olona ny diabeta izay tafiditra ao anatin'ny hoe toe-tena.

4% ny vahoaka malagasy (= 600 000) ka izay no hanentanana ny hanaova fitiliana.

OLANA:

* Ny olona voan'ny diabeta dia voasokajy ho isan'ireo olona marefo mora andairan'ny tsimokaretina toy ny coronavirus.

* Mandritra ny fihibohana dia mety ho tonga :

- Fihenan'ny fampiasam-batana;
- Fitomboan'ny sakafo hanina;
- Tsy filaminantsaina;
- Olana eo amin'ny fahazoana fanafody.

VAHAOLANA:

* Ahena ny fivezivezena sy fifaneraserana amin'ny olona;

* Mandritra ny fihibohana dia :

- Manaova fanatanjahantena miaraka amin'ny olona (na ao an-trano aza) ;
- Araho hatrany ny fatran'ny sakafo natoron'ny mpitsabo. Manampy anao hanaja izany ny fihinanana legioma sy voankazo, ny fisotroana rano matetika;
- Entano ny olona miara-monina ao an-trano hanampy anao hahazo filaminantsaina;
- Fandaminana amin'ny fihinana tsy tapaka ny fanafody (fotoana, vola, toerana).



TOSIDRÀ SY NY CORONAVIRUS

FAMARITANA:


Ny tosidrà mahazatra an'ny olon-dehibe dia $130 \text{ mmHg} < 80 \text{ mmHg}$, Raha vao mihoatra ny $140 \text{ mmHg} < 90 \text{ mmHg}$ ny tosidrà dia azo lazaina fa avo ny tosidrà an'ny olona iray. Aretin'andoha, sofina mibobobobo, fisefoana be, fitaitainana, fanaintainan'ny tratra, mandeha ràn'orona no fisehon'ny tosidrà avo na koa tsy misy mihitsy ny soritraretina. Ny fandrefesana io tosidrà amin'ny «tensiomètre» ihany anefa no ahafahana ilazana fa avo ny tosidrà.

OLANA:

Ny olona avo ny tosidràny dia sokajiana ho olona marefo satria araka ny fanadihadian'ny manampahaizana manokana dia izy ireo no matetika mampiseho ny Covid-19 misy fahasaratana sy mitarika ny fahafatesana.

VAHAOLANA:

- * Tanterahana ny fakana ny tosidrà
- * Ahena ny fivezivezena sy fifaneraserana amin'ny olona;
- * Tohizo ary hamafiso ny fihetsika manakana ny fihanaky ny coronavirus;
- * Alaviro ireo olona mafana hoditra na mampiseho soritraretin'ny taovam-pisefoana
- * Mandritra ny fihiboana dia araho hatrany ny fomba fiaina mendrika natoron'ny mpitsabo :
 - Manaova fanatanjahantena miaraka amin'ny olona (na ao an-trano aza) ;
 - Mihinana sakafo ara-pahasalamana (fihinana legioma sy voankazo, fisotroana rano matetika);
 - Ataovy izay hahazoana filaminantsaina;
 - Tohizo ny fihinana fanafody mampihena ny tosidrà;
- * Manatona Tobimpahasalamana raha misy mampanahy.



VOHOKA SY NY CORONAVIRUS:

Tanjona:

- * Manatsarana ny tolotra ara-pahasalamana ho an'ny vehivavy eo amin'ny lafin'ny fananahana.
- * Misoroka ny fahafatesana eo am-piterahana

Fiantraikan'ny coronavirus amin'ny vehivavy bevohoka:

Tafiditra ao antin'ireo olona sokajiana ho Olona marefo ny vehivavy mitondra vohoka noho

- * Ny fitombon'ny risika mety hahazoany areti-mifindra toy ny Covid-19 mandritra ny fitondrana vohoka satria mihena ny hery fiarovana «immunité» mandritra izany.
- * Raha tsy ampy ny sakafon'ny hohaniny na filana tadiavin'ilay zaza dia lasa mora handairan'ny aretin'izy.

Fihetsika atao hanena ny risika mety hahazoana ny coronavirus ho an'ny vehivavy bevohoka:

- Sasao matetika amin'ny savony sy rano ny tanana ary mandritra ny 20 segondra na mampiasa gel disinfectant;
- Manaova arotava na maska rehefa mivoaka ny trano
- Manalavira hatrany ireo olona mafana hoditra na mikohoka na mievina;
- Amporisiho ny olona rehetra manodidina (ianakaviana, mpiaramiasa, mpiaramonina) hanao ny fihetsika manakana ny fipariahan'ny coronavirus;
- Misakafy ara-pahasalamana
- Manaova fanatanjahatena
- Tohizo hatrany ny fisafoana eny amin'ny Tobimpahasalamana:
 - * Tanterahana mialoha ny fahaefabolan'ny kibo,
 - * fisafoana in-4 farafahakeliny mandritra ny fitondrana vohoka;
 - * Fantaro ny fambara loza ao anatin'ny karinem-pahasalamana
 - * Miteraka eny amin'ny Tobimpahasalamana
 - * Manomana mialoha ny drafi-piterahana hisorohana ny famohana



FINDAY AZO ANTSOINA

*** Maternité Befelatanana
034 14 202 91- 034 14 202 84**

*** CHRD Itaosy
033 28 307 08**

*** CHU Analakininina
034 56 996 08**

SIGARA, PARAKY SY NY CORONAVIRUS

Hafatra: - lalao ny sigara sy ny paraky;
- Ireo tsy mifoka aza manandrakandrana.

**MADAGASIKARA mandresy ny
CORONAVIRUS**

RARANA NY MIFOKA SIGARA



**SARAM-PANDIKAN-DALÀNA 2500 ARIARY,
NY MPADIKA LALÀNA DIA ALEFA ENY AMIN'NY FITSARANA
MBA HANAOVANA NY FANENJEHANA**

**DIDIM-PITONDRANA IRAISAN'NY MINISITERA LAHARANA FAHA: 29.511 /2013
TAMIN'NY 3 OKTOBRA 2013 MANDRARA NY FIFOHANA SIGARA AMIN'NY TOERANA ANATINY
SY MIHIDY IZAY TOERAM-PIASANA, TOERANA IFAMEZIVEZEN'NY SARAM-BABEM-BAHOAKA
ARY FITATERAM-BAHOAKA.**

SIGARA, PARAKY SY NY CORONAVIRUS

Sigara sy paraky misy poizina maherin'ny 4000 :

Miteraka aretina eo amin'ny taovan'ny olombelona: avokavoka (BPCO, homamiadana...), fahatsetsenan'ny lalan-drà, diabeta, ... sy ireo aretina maro samihafa;

Manakorotana ny aretina mitaiza sy indrindra indrindra ireo manana aretina toy ny aretin'ny taovam-pisefoana, diabeta, tosidrà, aretin'ny fo sy ny lalan-drà.

Mpifoka sigara sy ny mpihina paraky manoloana ny coronavirus:

Voalohany, ny coronavirus dia tsimokaretina na «virus» mamely ny taovam-pisefoana, ireo mpifoka sigara sy mpihinana paraky anefa dia efa mety ho voan'ny aretin'ny avokavoka ka raha sanatria idiran'ny tsimokaretina izy ireo dia hananosarotra ny fitsaboana satria mitombo ny risika mety hisehoan'ny «forme symptomatique sévère» toy ny fahasemporana.

Faharoa, ny fisorohana ny coronavirus dia ny fanaovana arotava sy fanasana tanana amin'ny rano sy savony, Ny fihetsiky ny mpifoka sigara sy ny mpihinana paraky anefa dia toa mifanohitra amin'izany : mila manala arotava rehefa hifoka ary mety tsy ahatandrina ny fanasana tanana akory nefa mampiakatra tanana any am-bava.

Araka izany dia tafiditra amin'ireo sokajin'olona marefo ny mpifoka sigara sy ny mpihinanana paraky noho ny toe-batany.

MADAGASIKARA mandresy ny CORONAVIRUS

IREO ARETIN'NY MPIHINANA PARAKY SY MPIFOKA SIGARA

Araka ny voalazan'ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny fahasalamana (OMS) dia olona iray tsaky ny 6,5 segondra no maty vokatry ny fihinana paraky sy fihana sigara. Araka ny tombatomban'ny mpikarako dia mihana 20 - 25 taona ny taham-pahaveloman'ny olombelona izay nifoka sigara nanomboka tamin'ny adidantsento ka niroka nandritra ny 20 taona na mihoatra (tranga fahita mihoatra ny 70% n'ny mpifoka sigara), raha oharina amin'ireo izay toy nifoka sigara mihintsy. Tsy ny homamiadan'ny avokavoka, ny aretin'ny fo sy ny lalan-drà ihany no olona ara-pahasalamana goavana vokatry ny fihinana paraky sy fihana sigara fa ao koa ny fahafatesana miahoà'ny fotoana. Ireto manaraka ireto ny famaritana tzo-tsotra ny vokatran'ny fihinana paraky sy sigara eo amin'ny tenan'ny olombelona.

1. ARETIN-KODITRA
Ny mpifiam-paraky sy mpifoka sigara dia mety ho voan'ny aretin-koditra tsy mifindra ohatry ny hoditra may, mivaca mens, mangidididy ary mitanaraka manerana ny vatana manontolo.

2. KATARAKTA
Ny fihinana paraky sy sigara dia mahatonga na mangotombo ny areta-maso vika mivy. Mianatsomo 40% eo amin'ny mpifoka sigara sy mpifiam-paraky ny voan'ny katarakta, fahasamban'ny cristalaly isay miakana ny fidiran'ny hasavana ary mety mivaka fahajambana tataraka. Ny mahatonga itany dia ny mialafo eo amin'ny maso ateraky paraky sy sigara, eo ihany koa ny fidiran'ireo poizina any antin'ny avokavoka ka tateran'ny lalan-drà manana amin'ny maso. Ny paraky sy sigara dia tena toa fa manimba ny retin'ny maso (macula lutea) eo amin'ny zotolona isay aretina tsy ahitan-pahefana. Io fatra io no ahelana mamaky soratra, mamaly ny fira, ary manavaka loko na anidra na jirova zavatra amin'ny antipahany.

3. HODITRA MAKIANA SY MIKETRONA
Ny fihinana paraky sy sigara dia manimba ny proteina izay mampitaka ny hoditra sy manaitra ny VITAMINA A izay mitarika ny fahasamban'ny lalan-drà ka mangotombo ny mahamaizina ny hoditra miakaban'ny fahasambanana. Ny hoditra ireo mpifiam-paraky sy sigara dia maha ny ahitana ketona madritra, indrindra amin'ny fatry ny maso sy ny mofina.

4. MARENINA
Ny fihinana paraky sy sigara dia manentana ireo lalan-drà madritra antan'izany ireo lalan-drà any anaty sofina ka mahatonga fahasambanana haigana eo amin'ny fibrocyty/ireo mpifiam-paraky sy mpifoka sigara. Izy ireo koa dia mora marenina vokatry ny otrikaretina any anaty sofina na feo mety laotra. Avo telo heny ny taban'ny fidiran'ny otrikaretina 30 anaty sofina (Oxalis meyeri).

5. HOMAMIADANA
Vokatrina fa maherin'ny 40 ny singa manampolaina any amin'ny setro-tsigara izay mahatonga homamiadana. Ireo mpifoka sigara dia mety ho voan'ny homamiadana/ny avokavoka 20 avo heny mihoatra ireo toy mpifoka. Ny fihinana paraky sy sigara dia mahatonga ny 30% ny homamiadana/ny avokavoka eo amin'ny lehilahy ary 80% ny an'ny vehivavy Sé. Araka ny fanadihadiana natao dia arakarako ny fahasamban'ny fem-potoana fihinana paraky sy sigara no hampanjaha ny homamiadana eo amin'ireo bava laan-karazany; avo roa heny eo amin'ny onana sy ireo kava voajanjany (sina) 5b; avo efatra na dimy heny ho an'ny at-vava 3c; avo roa heny ho an'ny at-onona, avo efatra na dimy heny ho an'ny fira-tendy; avo telo heny ho an'ny fahasamban'ny lalan-drà; avo roa heny ho an'ny dimy heny ho an'ny lalan-karika; avo roa heny ho an'ny vavony 5d; avo roa heny ho an'ny vavony 5e; avo roa heny ho an'ny vavony 5f; avo ireo ny vavony hahasamban'ny roa heny ho an'ny Voz Sé. Araka ny fanadihadiana dia mivy fahasamban'ny fihinana paraky sy sigara sy ny fitanga/ny homamiadana/ny mofina 5g. Ny fahasambanana ny fihinana paraky sy sigara dia mamplaha ny voka-draty toy ireo homamiadana laan-karazany vokatina etsy ambonin'ny.

6. FAHASIMBAN'NY NIFY
Manomboka ny fihinana paraky sy sigara dia manomboka ny Paraky sy sigara ka mahatonga aha manaty mutaina mipitaka tsidy manamavo ny nify. Manafingana ny fibrocyty/ny at-miavany ny paraky sy sigara. Avo ireo ny vatany heny miakana amin'ny toy mpifoka ny fahasamban'ny ahin'ny mpifoka sigara.



7. ARETIN'NY TAOVAM-PISEFOANA
Ankoatra ny homamiadan'ny avokavoka dia manimba ny setro-tsigara maha ny koa ny paraky sy sigara ka mamplaha ny fampitahana vokatry mofina (organelle) ny fahasamban'ny retin'ny mofina (organelle). Ny setro-tsigara amin'ny fahasambanana avy ety velany ny lalan-drà (trachéotomie) mihi fahasambanana maha ny mofina vokatry ara-dalana dia taterana ny tratrany any ampitahana vokatry amin'ny ahitan'ny fibrocyta manokana (organelle artificielle) araka ny sary. Ny anel-tratra miteraka dia ahitana vehivika fananana mihanga no anaty tratra izay miteraka kofaina manantena ny fahasambanana.

8. ARETIN'NY TAOLANA
Ny manavaka dia carbona sy ny poizina avokavon'ny setro-tsigara dia mampiasa'ny rika kofa mihoatra ny oksijena. Miana 15% ny fahasamban'ny mifindra oksijena ho an'ireo mpifoka sigara. Vokatry'izany dia maha-mandry ny taolana avy mora togaka any zavatra tsalona. Mifanombonina olona atanan'ny amin'ny tolon-danorana.

9. ARETIN'NY FO SY NY LALAN-ORA
Ny 2/3 n'ny fahasambanana maneran-tany dia avy amin'ny aretin'ny h sy lalan-drà. Ny fihinana paraky sy sigara dia iray amin'ireo antony lehibe mahatonga ireo aretina ireo izay manamora olona mihoatra ny 1 vafinta-ian-tena any amin'ny tany andam-pandrosoana. Ny aretin'ny fo sy ny lalan-drà vokatry ny fihinana paraky sy sigara dia manamora olona. Manafingana ny fibrocyty/ny fo, mampiakatra ny tolo-drà, manentana ny lalan-drà, ka miteraka fibrocyty/ny fibrocyty. Io tanjona avy mahatonga ny fahasamban'ny lalan-drà any amin'ny at-doha ny fihinana paraky sy sigara.


10. ARETIN-BAVONY
Mampihana ny hary fahasamban'ny otrikaretina mahatonga ny aretin'ny bavony ny fihinana paraky sy sigara. Mampihana ny fahasamban'ny vavony manerana ny saka avokavon'ny anton'ny vavony ny fihinana paraky sy sigara, ka mifidy ny vavony. Satria ahitana ny mivavimbana ny aretin'ny bavony eo amin'ireo mpifiam-paraky sy sigara.

11. FAHASIMBAN'NY LOKON'NY RATSAN-TANANA
Ny goudron avy amin'ny setro-tsigara dia mihanga ka mahatonga fahasambanana eo amin'ny ratsan-tanana sy ny hoba.

12. HOMAMIADAN'NY VOZON'NY TRANON-JAZA SY NY FAFAHAN-JAZA
Avy amin'ny homamiadana mety ho loko eo amin'ny vavony/ny tranon-jaza dia mahatonga fahasambanana ny fahasambanana eo amin'ny fibrocyta vokatry ny fibrocyta ihany koa eo amin'ny vehivavy ny fihinana paraky sy sigara. Ny fihinana paraky sy sigara manomboka ny fibrocyta vokatry dia mahatonga ny fahasamban'ny vavony eo amin'ny vavony. Avo roa na telo heny ny taban'ny fahasambanana matetika eo amin'ny vavony mifoka sigara, eo hany koa ny fahasamban'ny vavony eo ampitahana vokatry ny fahasamban'ny vavony eo ampitahana ny fahasamban'ny ahitan'ny vokatry ny monodry dia carbona sy ny nicotina amin'ny setro-tsigara. Ao koa ny fahasambanana tanjona eo amin'ny vavony manerana (MMS). Ankoatra'izany ny fihinana/ny vavony manerana (thrombotic osteomyelitis) ka mahatonga ny fibrocyty/ny fahasamban'ny ahitan'ny fibrocyta.

13. FAHASIMBAN'NY RANONAINA EO AMIN'NY LEHILAHY
Ny fihinana paraky sy sigara dia manimba ireo ranonaina sy ny rika eo anelany ka miteraka fahasambanana toy fofony sy fahasambanana eo amin'ny vavony. Araka ny vokatry-pihahana hira dia betaka lo koa ny homamiadana mifanolo eo amin'ny vavony ny lehilahy mpifoka sig. Io ihany koa ny fahasamban'ny lehilahy/ny lehilahy sy ny fibrocyty/ny fibrocyty rika eo amin'ny fibrocyta ka mahatonga ny toy fahasamban'ny fibrocyta ara-nofo vokatry ny fahasamban'ny fibrocyta. Matetika dia io amin'ny lehilahy mifanana paraky sy mpifoka sigara ny fahasambanana.

14. ARETIN'NY BUERGER
Aretina fahasamban'ny anarana hira "thrombo-angiitis Obstruante" izay miteraka ny fahasambanana/ny lalan-drà madritra, ahitana fahasamban'ny lalan-drà vavony sy ny retin'ny indrindra eo amin'ny fibrocyty/ny lehilahy mahatonga ny fihinana/ny fibrocyty/ny rika. Haha tsy mivy ny fibrocyta dia lo lay ratsan togatra ary toy maitry hafa amin'ny fahasambanana ihany faritra vavony antony lehibe.



Miresaka
mahakasika ny


CORONA

VIRUS-19

miaraka
amin'ny ankizy

MADAGASIKARA mandresy ny
CORONAVIRUS





Miresaka
mahakasika ny
**CORONA
VIRUS-19**
miaraka
amin'ny ankizy


RESAKA IFAMPIZARANA AMIN'NY ANKIZY:

- Covid-19 sy ny manodidina azy rehetra;
- Olona voany, ny manaraka fitsaboana sy ny sitrana soamatsara ary ny maty;
- Fanazavana ny fiantraikan'ny Covid-19 amin'ny alalan'ny tahirinkevitra ara-tsiantifika sy ny toromarika ofisialy ara-pahasalamana;
- Fanazavana mikasika ny fanarahana ireo fepetra misakana ny fihanaky ny Coronavirus mandaitra (fanasana tanana amin'ny rano sy savony, fanajana ny elanelana 1m, fanaovana arotava, fihiboana,)

FOMBA IRESAHANA AMIN'NY ANKIZY:

- Hametraho fanotania izy hafahany mamoka ny heviny ary henoy izay ambarany;
- Omeo fanazavana amin' ny zava-misy marina izy ary mifanaraka amin'ny taonany;
- Hazavao aminy ireo fepetra hahafahany miaro ny tenany sy ireo namany;
- Hatao am-pitoniana hatrany ny resaka hatao tsy hisian'ny fanahiana;
- Ilaina ny manadihady raha toa ka sendra ny fanilikiliana na manao fanilikilihana ny hafa izy;
- Asiana ohatra tsara hatao faka tahaka hatrany ny resaka;
- Ilaina ny fikarakarana vatana;
- Teny tsotra tsy mampanahy no hatao rehefa mamarana ny resaka.






FANAZAVANA SY KARAZANA TOROLALANA ENTINA:

- Fanehoankevitra arakaraka ny fitondratenan'ny ankizy tsirairay, henoina ireo olana ary omena fitiavana. Mila fitiavana sy mila henoina ny ankizy indrindra amin'ny fotona sarotra. Ampitomboina ny fitiavana, ny fihainoana, ny firesahana ho fitoniana ho azy ireo. Omena azy ireo ihany koa ny fotoana hilalaovana sy akana aina isan'andro;
- Sahia miresaka mikasika ny fihetsempony sy ny fihetsemponao;
- Avela malalaka haneho ny fihehetsempony ny ankizy;
- Ilaina ny fitoniana sy fandinihana mialohan'ny fotoana hatrany;
- Ifantohana ireo zavatra mety henony;
- Arahamaso ny fitondratenany.

ZAVATRA AFAKA HATAON'NY ANKIZY:

- Manohy ny fahazarana;
- Mametraka fandaharampotoana ho an'ny tontolo andro : fotoana ilalaovana, fotoana ialana amin'ny teknolojia, fandraisana andraikitra amin'ny asa aman-draharaha ao an-trano. Tsy korontanina ny fandaharampotonana efa napetraka. Hotronina hatrany izy eo am-panaovany ny fandaharampotoany isan'andro;
- Tsara raha eo anilan 'ny ray amandreny na ny mpiahy azy hatrany ny ankizy;
- Ilaina ny famoronana ny fialanavoly hafa.



ARETINA HAFA SY NY CORONAVIRUS

Fantaro fa tsy ny mafana hoditra rehetra akory dia hoe Covid-19 daholo. Manatona avy hatrany ny Mpanentana ara-pahasalamana na Tobimpahasalamana akaiky anao hahafantarana ny fototraretina mahazo anao sy ahazoana mitsabo anao.

GRIPA

Famaritana:

Aretina azo avy amin'ny tsimokaretina «Influenza» izay mora miparitaka ary tafiditra ao amin'ny orona, tenda, lalandrivotra, ary ny havokavoka.

Fisehony:

- Mafana hoditra;
- Aretin'andoha;
- Misy lelo;
- Mikohaka;
- Marary tenda;
- Manakotsako ny vanintaolana;

Fisorohana:

- Fanatanterahana ireo fihetsika manakana ny tsy hidiran'ny tsimokaretina ao amin'ny taovam-pisefoana;
- Fanaovana vaksiny

Fandraisana an-tanana:

Sitrana na tsy misy fitsaboana noraisina aza mandritra ny herinandro

TAZOMOKA

Famaritana:

Aretina azo avy amin'ny katsetsitra na «parasite» antsoina hoe «Plasmodium Falciparum» ny tazomoka izay miparitaka noho ny kaikitry ny moka vavy «Anophèle».

Fisehony:

- Mafana hoditra;
- Aretin'andoha;
- Mafaitra ny vava;
- Manakotsako ny vanintaolana;

Fisorohana:

- Fampiasana lay misy odimoka maharitra;
- Famendrahana fanafody famonoana biby kely;
- Fanomezana ACT ho an'ny vehivavy mitondra vohoka

Fandraisana an-tanana

Manatona Tobimpahasalamana hisorohana ny tranga mahery vaika sy hahazo ny tolotra maimaimpoana:

- * Fitoliana TDR,
- * Fanomezana ACT,
- * Fanomezana TPI-SP,
- * Fizarana Lay misy odimoka maharitra,

DIDY FOLON' NY FAHASALAMANA

1. Masoandro
2. Rivotra madio
3. Rano fisotro madio
4. Sakafo mahasalama : madio, antonony, mitondra otrikaina
5. Torimaso ampy
6. Fanatanjahantena
7. Fialantsasatra sy fialamboly
8. Fananana andraikitra (ao an-tokantrano, anaty fiaraha-monina, asa/fianarana)
9. Fisainana miabo
10. Fihavanana amin'ny manodidina – zavaboary, fiarahamonina, tokantrano, fianakaviana, asa



IZAY MADIO NO SALAMA

1. Tànana madio
2. Vatana madio
3. Fitafiana madio
4. Sakafo madio
5. Rano ampiasaina madio
6. Rivotra madio
7. Trano madio
8. Tokontany madio
9. Sekoly madio
10. Tobimpahasalamana madio
11. Toerampiasana madio: birao madio
12. Toerana iombonana madio: Fiara fitaterana, tobimpiantsonana, tsena madio
13. Saina madio
14. Fo madio

TONTOLO IAINANA MADIO
N O H A N A N A N A
FAHASALAMANA
L A V O R A R Y

MADAGASIKARA mandresy ny
CORONAVIRUS

TONTOLO IAINANA MADIO NO HANANANA FAHASALAMANA LAVORARY

■ Faharetan'ny fahaveloman'ny Coronavirus:

- * Adin'ny 4 amin'ny vola madinika,
- * Adin'ny 12 amin'ny akanjo na volo,
- * Iray andro amin'ny baoritra,
- * 2-3 andro amina plastika na vy

■ Fihetsika atao manoloana ny Coronavirus:

- * Ho an'ireo afaka mihiboka, **MIJANONA AO AN-TRANO**;
- * Ho an'ireo tsy afaka mihiboka:
 - Manasa tànana alohan'ny hidirana an-trano;
 - Avela eny ambaravarana ny kiraro;
 - Soloina ny fitafiana avy nanaovana ary sasana avy hatrany;
 - Mandro ary sasàna ny volo;
 - Sasàna amin'ny savony ny fitaovana nokisihina: lakle, finday, solomaso, vola, ...
 - Sasàna avy hatrany ny sakafo sy fonontsakafo azo sasàna.
- * Toerana ifamezivezena:
 - Sasana ny tanana alohan'ny idirana amin'ny toerana;
 - Sasana matetika amin'ny rano sy savony na amin'ny eau du javel ny fitaovana: arofanina, bouton GAB, chasse d'eau, poignet varavarana.

**MADAGASIKARA mandresy ny
CORONAVIRUS**

TONTOLO IAINANA MADIO NO HANANANA FAHASALAMANA LAVORARY

■ Fihetsika atao manoloana ny Coronavirus ao an-tokantrano:

- * Fitaovana samihafa: Mahasolo ny eau de javel ny vinaingitra na ny citron, na ny alikaola 70° amin'ny fanasana izany;
- * Hamafisina ny fanadiovana;
- * Kendrena ny hisian'ny rivotra madio ao anefitrano;
- * Avela hiditra ao anefitrano ny masoandro;
- * Ariana isan'andro ny fako.





FANJARIANTSAKAFO SY NY CORONAVIRUS

Ny resaka fanjariantsakafo dia manana anjara toerana lehibe eo amin'ny fisorohana ny tsimokaretina.

Satria raha marefo sy reraka ny vatana dia tsy afaka manohitra sy miatrika amin'ny aretina.

Voakasik'izany ny Vehivavy mitondra vohoka, ny reny mampinono, ireo zaza menavava sy zaza madinika, eo ihany koa ireo olona efa nahazoazo taona.

Amin'ny ankapobeny dia ilaina tokoa ny fanatsarana ny sakafo ho an'ny rehetra fa indrindra ireo voasokajy ho marefo hanamafy ny hery fiarovana



FANJARIANTSAKAFO SY NY CORONAVIRUS



HO AN'IREO ZAZA LATSAKA NY ENIM-BOLANA:

- Vao teraka ny zaza dia ampinonoana avy hatrany hahazoany ny nono voalohany na ny **ranombatsy** izay vaksiny voalohany ho an'ny zaza.
- Ny nonon-dreny fotsiny ihany, tsy misy fangarony no omena ireo zaza latsaka ny enim-bolana satria ny nonon-dreny dia:
 - * sakafo ampy sy sahaza ho an'ny zaza hatramin'ny faha-enim-bolana.
 - * ahitana ireo singa maro toy Vitamina A, ny proteina, rano sy ny sisa. Ireo dia mitondra **hery fiarovana sy mampitombo ny zaza ara-dalana**.
- Tohizana ny fampinonoan-dreny hatramin'ny faha-2 taonan'ny zaza.



HO AN'IREO ZAZA MADINIKA MANOMBOKA EO AMIN'NY FAHA-ENIM-BOLANA:


- Omeo sakafo miovaova sy maroloko isan'andro ho fanampin'ny nonon-dreny hitombon'ny vatany sy hampatanjaka azy .
- Omeo ody ambavafo in-1 na in-2 isan'andro ny zaza , tsara raha voankazo na ronono na ireo sakafo azo avy aminy no omena. Aza hadinoina ihany koa ny manasa matetika ny tanan'ny zaza.

FANJARIANTSAKAFO SY NY CORONAVIRUS



HO AN'NY RENY MAMPINONO SY NY VEHIVAVY BEVOHOKA:

- Mihinana sakafo miovaova sy maroloko izay ahitana ny foto-tsakafo, sakafo azo avy amin'ny biby, ny voamaina, fa indrindra ny voankazo sy legioma. Ny toromarika dia tokony mihoatra noho ny isan'andro ny sakafon'izy ireo fa miankina amin'ny fahefa-mividy tsirairay.
- Ampirishana toy izany koa ny fisotroana rano, tsara kokoa raha rano mafana no sotroina.
- Ilaina ny mialà sasatra, ahenao ny asa mafy fanao isan'andro.



HO AN'IREO ZOKIOLONA:

Amin'izay mampahazo taona azy izay dia somary ambany ny hery fiarovana ananany, noho izany dia mila misakafo ara-pahasalamana ihany koa izy ireo, sakafo be otrikaina sy hery fiarovana toy ny sakafo azo avy amin'ny biby (trondro no tena tsara), ny voankazo sy legioma ary ny ronono sy ny vokatra azo avy aminy.

FAHADIOVANA ARA-TSAKAFO



FAHADIOVANA ARA-TSAKAFO

Miankina amin'ny mpikarakara sakafo, ny fitaovana ampiasaina, ny toerana fikarakarana, ny fomba fikarakarana ny fahadiovana ara-tsakafo.

MPIKARAKARA SAKAFO

- * Salama tsara
- * Manao aron'akanjo madio
- * Mametraka sarondoha
- * Manao arotava sy arotanana
- * Manasa tãnana matetika amin'ny savony sy rano madio

FITAOVANA AMPIASAINA

- * Sasaina amin'ny savony ary kobanina amin'ny rano madio sy azo antoka;
- * Sarahina ny fitaovana ampiasaina amin'ny sakafo manta sy ny masaka;
- * Saronana lamba madio na atao anaty lalimoara mihidy.

TOERANA FIKARAKARANA

- * Diovina ny toerana alohan'ny hikarakarana sakafo;
- * Tsy tokony ahitana bibikely (gadradraka, voalavo...) na biby fiompy mivezivezy;
- * Misy fitoeram-pako sy fanariana rano maloto misarona;

FOMBA FIKARAKARANA

- * Diovina amin'ny rano madio sy savony ireo sakafo misy hodiny (legioma, voankazo)
- * Atono amin'ny afo ny mofo (pain) alohan'ny hihinana azy;
- * Andrahona amin'ny maripana tokony ho izy ny sakafo;
- * Esorina ireo fonosana, ariana anaty daba fanariam-pako;
- * Diovina amin'ny rano madio sy savony ny fonosana: beurre, chips, conserve, sardine, pates, pain de mie ...tavoahangy
- * Diovina amin'ny rano madio ny voamaina sy hena alohan'ny handrahona




FAHADIOVANA ARA-TSAKAFO

FANALAHIDY DIMY

- 1- Manàna fahazarana manadio.
- 2- Saraho toerana ny sakafo manta sy masaka.
- 3- Ataovy masaka tsara ny sakafo ary arosoy mafana.
- 4- Tazony amin'ny maripàna tokony ho izy ny sakafo.
- 5- Mampiasà rano madio sy akora azo antoka



TOERAM-PIASANA SY NY CORONAVIRUS



TANJONA:

Manampy amin'ny fanakanana ny fihanaky aretina eny amin'ny toeram-piasana, ary miaro ny mpanjifa, ny mpampiasa ary ny mpiasa.

TOKONY HATAO:

* Mampiroborobo ny asa ampitain-davitra (télétravail): manampy ny orinasa ny asa ampitain-davitra satria afaka miasa ny mpiasa sady voaaro.

* Rehefa tsy afaka hatao ny asa ampitai-davitra:

- Manadio (désinfectant) matetika ny faritra (latabatra, birao ...) sy ireo fitaovana fampiasa (finday, fitaovam-piasana isan-karazany)
- Manaraka ny fepetra rehetra ara-pahasalamana ao amin'ny toera-mpiasa ny mpiasa rehetra.
- Mampahafantatra ny mpiasa sy ny mpanjifa fa mijanona avy hatrany any an-trano izay rehetra mikohaka na mafana hoditra
- Manaraka ny toromarika avy amin'ny tomponandraikitra raha manao asa mandehandeha
- Manamarina fa manao arotava ireo mpiasa rehetra ao amin'ny toeram-piasana, ary koa misy fanariam-pako mihidy ho fanariana azy ireo.
- Mampirisika ny fanasana tânana amin'ny rano sy savony na gel hydro-alcoolique.
- Miantoka ny toeram-piasana madio sy mahasalama foana
- Manao fomba mahazatra ny manasana tânana matetika amin'ny rano sy savony na gel hydro-alcoolique
- Mahatantatra ireo fepetra rehetra mialoha ny hanaovana asa mandehandeha.
- Manoro hevitra ireo marary hijanona ao an-trano ka hiantso ny laharana 910 - 913




Fiantraikan'ny Covid-19:

Ny fiparitahan'ny valanaretina toy ny Covid-19 dia misy fiantraikany amin'ny fahasalaman'ny saina satria mety hitarika :

- * tahotra, ahiahy, tebiteby, fikorotanan-tsaina indrindra ho an'ny
 - zokiolona,
 - mpisehatra ara-pahasalama
 - Olona manana aretina mitaiza
 - ...
- * «Stress» na rarintsaina : tsy aretin-tsaina akory fa singa iray mety hampikorontana ny saina.
- * Tsy fahasalamana
- * Mikorotana ny fiarahamonina

Fotoana hisehoany:

- * Mitombo ny isan'ny olona tratran'ny tsimokaretina manodidina ny olona iray;
- * Nifanerasera tamin'ny olona voamarina fa mitondra ny tsimokaretina;
- * Miandry valin'ny fitiliana;
- * Fantatra fa mitondra ny tsimokaretina;
- * Notsaboina ka hiverina eny amin'ny fiarahamonina (Tahotra ny fanilikilihana sy fanenjehana)



Fihetsika atao:

* OLOMPIRENENA

- Mila manaiky ny zavamisy
- Misoroka ny fanavakavahana
- Manaraka ny vaovao marina

* MPISEHATRA ARA-PAHASALAMANA


- Miaro tena
- Mifampizara traikefa
- Mikolo ny toebatana

* OLONA MAREFO

- Mihiboka an-trano
- Miaro-tena
- Mandray fanafody tsy tapaka ho an'ny aretina mitaiza
- Mampitombo ny fifandraisana amin'ny mpiasan'ny fahasalamana

* MANATONA TOBIMPAHASALAMANA NA HOPITALY

- 7 neuro psychiatres
- 10 psychiatres
- 33 DU en Santé Mentale
- 17 ergothérapeutes
- 8 neurologues
- 28 psychologues



HERISETRA SY NY CORONAVIRUS

Famaritana:

*** HERISETRA:**

Fihetsika na fiteny atao aman'olona izay miteraka fahavoazana ara-batana, ara-tsaina sy ara-pihariana eo amin'io olona io.

*** VBG «VIOLENCES BASÉES SUR LE GENRE»:**

Herisetra amin'ny fanararaotam-pahefana atao amin'ny fahasamihafan'ny olona.

Herisetra sy ny Coronavirus:

FIHIBOHANA = MIJANONA AN-TRANO:

Tafavory ny mpianakavy ka mety hisy ny disadisa marosamihafa ka mitarika HERISETRA : mpivady, ray aman-dreny sy zanaka, mpiray tampo

Antony mampiroboro:

Antony fototra:

Ny tsy fanajana ny zon'ny hafa

Antony mampiroboro:

Ny fahantrana, ny tsy fisiana, ny tsy fahampian'ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny mpivady sy ny mpianakavy, ...



**MADAGASIKARA mandresy ny
CORONAVIRUS**

HERISETRA SY NY CORONAVIRUS

Karazany:

- Herisetra amin'ny fitenenana;
- Herisetra ara-batana
- Herisetra ara- toe-karena, na ara-pihariana
- Herisetra ara-tsaina
- Herisetra ara-nofo na ara-pananahana (fanolanana,.....)

Vokany:

- **Ara-batana:** ratra, kilema ara-batanaaretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo, vohoka aloha loatra, na tsy niriana, fahamombana....
- **Ara-tsaina:** fikorontanan-tsaina mety ho maivana na mety ha haritra mandra-maty, tsy fahitan-tory, fahalainana misakafo, tsy fahatokisantena, fankahalana,tahotra, famoizam-po, famonoan-tena,

OLONA IHARAN'NY HERISETRA = VESATRA HO AN'NY FIANAKAVIANA

Fandraisana an-tanana:

Misy ny fandraisan'ny Tobimpahasalamana isan'ambaratongany (CSB1, CSB2, Hopitaly isantsokajiny).



FANILIKILIHANA SY NY CORONAVIRUS

FAMARITANA:

Fanaovana fitondratena na fihetsika tsy mendrika manoloana ny olona iray noho ny anton-javatra manokana (mararin'ny Coronavirus na fianakaviana) ka hahatonga ilay olona hitoka-monina tsy hanana ny zo fototra satria henjehin'ny mpiarabelona. Ohatra: Fanaratsiana, filazana vaovao tsy marina, tsy fanomezana fitsaboana, fanesorana ny fahalalana, ...

ANTONY TSY HANILIKILIANA

- * Ny COVID-19 mandalo fotsiny ka tsy hatao hanimba ny fihavanana efa nitoetra ela
- * Tsy fidiny azy ny tratran'ny aretina
- * Mahavao ny olona rehetra ny COVID-19 na mahantra na mpanana
- * Mitovy amin'ny aretina rehetra ihany ny COVID-19
- * Mitovy amin'ny olona rehetra ihany izy ireo
- * Mila ireo fianakaviana ireo foana ny fiarahamonina
- * Afaka miaina toy ny mpiaramonina fona

FIHETSIKA HATAO:

* *Manoloana ny marary:*

- Azo hiarahamonina tsara ny voan'ny COVID-19 fa mila mitandrina;
- Miaramonina aminao ireo olona ary raiso foana.
- Vonona handray andraikitra hatrany

* *Manoloana ny fianakaviana:*

- Tsy ny fianakaviana akory no mararin'ny COVID-19
- Tsy maintsy omena ireo olona ireo ny fanampiana sy fitiavana an'izy ireo. Niharitra ny mafy izy ireo nefa tsy avy amin'izy ireo izany.
- Anjaran'ny fiarahamonina ny manampy azy ireo hanarina ny fiainany sy hanoro lalana azy ireo raha mila tohana ara-tsaina, ara-pahasalamana, ara-pitaovana.

* *Manoloana ny sitrana:*

- Ny marary izay sitrana dia tsy mamindra @ olona intsony;
- Ny olona efa sitrana dia tokony ampiana ny fiverenanany any anaty fiarahamonina, mila, fanampiana ara-moraly, ara-pianakavina ary ara-pitaovana izy ireo;
- Afaka miasa ny olona sitrana



ASA ANDAVANANDRON'NY CSB

■ *Tanjona:*

Mampiroborobo ny fahasalamana, misoroka ny aretina ary mitsabo ny marary.

■ *Asa fampiroboroboana ny fahasalamana:*

Fampianarana sy anentanana eny anivon'ny CSB: ady amin'ny aretina, fahasalaman'ny renny sy zaza, fanjariantsakafo, fahasalamana ara-pananahana (fandrindrana fiterahana, ...), fidiovana sy fanadiovana.

■ *Asa fisorohana:*

- Fanaovana vaksiny;
- Fanjariantsakafo;
- Fandrindrana fiterahana;
- Fisafoana;
- Fiterahana;
- Fisorohana aretina: Tazomoka, ...

■ *Asa fitsaboana:*


- Fizahana ara-pahasalamana;
- Fanaovana fitiliana;
- Fandraisana an-tanana;
- Fanarahamaso sy fandefasana ireo aretina manana fiombona;
- Fizarana fanafody.

***Mitohy hatrany
ny asa andavanandron'ny
CSB***



Manatona Tobimpahasalamana raha misy mampanahy

910, 913 SY NY CORONAVIRUS



Raha misy fanontaniana na mila fanazavana mahakasika ny **Coronavirus**

ANTSOY
NY

910

Raha misy soritraretina (symptôme) **Coronavirus**

ANTSOY
AVY HATRANY

913

MADAGASIKARA mandresy ny CORONAVIRUS

«Malagasy mifampitsinjo, mandresy ny coronavirus.»

novokarin'ny:

Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka

notontosain'ny ekipa:

Foibe Fampiroboroana ny Fahasalamana

